# Lesona 3: Avonavona na Fanetren-Tena

## A. Ny fahotan'ny fiavonavona

1. Avy aiza no niandohan'ny fahotan'ny fiavonavona? Isaia 14:12-14; Ezekiela 28:13-17
2. Nahoana no halan'Andriamanitra ny fahotan'ny fiavonavona? Ohabolana 8:13 6:16-18 (mariho ny "fijery miavonavona" ao amin'ny lisitra voalohany)
3. Inona no fampitandremana omen'i Solomona momba ny loza ateraky ny toe-tsaina miavonavona? Ohabolana 13:10, 16:18, 29:23, sns.
4. Inona no fanoharana nataon'i Jesosy izay mampitandrina momba ny fahotan'ny avonavona sy ny vokany? Lioka 18:9-14
5. Zarao ny fotoana iray izay nampalaim-panahy anao haneho toe-tsaina miavonavona. Inona no lesona nianaranao tamin'izany fanandramana izany?

## B. Ny Fanomezan'ny fanahy manetry tena

1. Inona no antso ataon'ny apostoly Petera ho an'ireo Kristiana izay mety halaim-panahy haneho toe-tsaina miavonavona? 1 Petera 5:6
2. Fanomezana avy amin'Andriamanitra ve ny toe-tsaina manetry tena sa toetra azontsika ampitomboina amin'ny faniniana hanao fiezahana? (Salamo 51:10).
3. Aiza no ahitanao ny toe-tsaina manetry tena miseho eo amin'ny fiainan'i Jesosy?
4. Iza avy ireo olona voalaza ao amin'ny Soratra Masina fa manana toe-tsaina manetry tena? Maria - Lioka 1:26-38, Mosesy - Hebreo 11:23-26, ilay kapiteny Romana tao Kapernaomy - Matio 8:5-13, sns.
5. Inona no antso ataon'ny apostoly Paoly tamin'ireo Kristiana izay mety halaim-panahy haneho toe-tsaina miavonavona? Filipiana 2:3-8
6. Inona no fitahiana azon'ny olona manetry tena? Salamo 25:9, 149:4, Jakoba 4:10, sns.

## D. Fifandirana teo amin'ny mpianatra

1. Lioka 22:24 Inona no lesona ianarantsika avy amin'ilay fifandirana teo amin'ny mpianatr'i Jesosy?
2. Inona no zava-nitranga nahatonga an'io fifandirana io? Marka 10:35-41
3. Milaza amintsika i Matio fa tonga niaraka tamin'izy ireo ny renin'i Jakoba sy Jaona ary nangataka toerana ambony ao amin'ny fanjakan'ny lanitra ho an'ny zanany roa lahy. (Matio 20:20-21) Moa heviny ve izany sa nampiasa ny reniny izy ireo mba hitalao amin'i Jesosy?
4. Ahoana no namalian'i Jesosy io fifandirana teo amin'ny mpianany io momba ny amin'izay ho lehibe indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra? Marka 10:42-45, (jereo koa ny Lioka 22:25-27).
5. Oviana no nahatonfa saina anao fa ny antso ho mpanara-dia an'i Jesosy dia tsy antso ho amin'ny fahalehibeazana fa antso ho amin'ny fanompoana ny hafa amim-pitiavana?
6. Ahoana no ahafahantsika miala amin'ny fandriky ny faniriana hanana toerana ambony amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy antsika?